# FANTARO I JAROM
## avy any Mexique

*Fantaro ireo ankizy ao amin'ny Kilonga manampy ny hafa, tahaka ny nataon'i Jesoa.*



### Ny mombamomba an'i Jarom rehetra



**FITENY:** Espaniôla

**AVY ANY:** Mexico City, Mexique

**TAONA:** 10

**TANJONA SY NOFINOFY:**
1) Ho lasa dokoteram-biby na psykôlôgy.
2) Manao sary tsara tarehy.
3) Mitondra ny hafa amim-panajana sy amin-katsaram-panahy.



**FIANAKAVIANA:** Jarom, Neny, Dada, rahalahy zoky sy zandry anankiroa

SARY NATON'I MIKE LAUGHEAD

## Ireo asa fanomezan-tanana ataon'i Jarom

Manana alika kely anankitelo i Jarom. Isan'ny asa ataony ny mamahana azy ireo isan'andro. Tiany be mihitsy izy ireo. Olona mahay mihaino tsara sy misiônera ihany koa i Jarom. Rehefa fantany fa nodimandry ny dadaben'ny namany dia niantso ilay namany i Jarom. Nihaino azy i Jarom. Nankahery azy koa izy dia niresaka taminy momba ny drafitry ny Ray any An-danitra ho antsika.

Tian'i Jarom ho faly ireo namany. Matetika izy no miresaka amin'izy ireo momba ny Fiangonana sy manasa azy ireo hanatrika ireo fivoriana sy fiaraha-mientana. "Rehefa mivavaka ianao, dia tadidio ny namanao sy ny fianakavianao," hoy i Jarom. "Mangataha hevitra ahafahanao manampy azy ireo."






Manara-dia an'i Jesoa amin'ny alalan'ny fankaherezana ny hafa i Jarom. Avadiho ny pejy mba hamakina tantara iray momba ny fomba nampanantenan'i Jesoa antsika fampionona.

### Ireo zavatra tian'i Jarom indrindra



**TANTARA MOMBA AN'I JESOA KRISTY:** Tamin'Izy nanampy lehilahy jamba iray sy tamin'Izy nitsangana tamin'ny maty



**TOERANA:** Ny toeram-pilalaovana sy ny trano fiangonana



**HIRA AO AMIN'NY KILONGA:** "Rehefa atao batisa aho" (*Bokin-kiran'ny ankizy,* 53)



**SAKAFO:** Lasopy Pozole, ovy nendasina, ary doughnuts




**LOKO:** Manga sy volomparasy



**TARANJA ANY AN-TSEKOLY:** Tantara sy jeôgrafia

### Midira ao amin'ny Ekipan'ny Manome Tanana!



Rehefa manompo ny hafa ianao dia isan'ny ekipan'ny Manome Tanana! Iza no azonao tompoina?